Demonolojia

Lafiny Ara–batana

Ankehitriny aho . . .?. . .[Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] Ity no fotoana voalohany izay hany nanaovako azy tamin'ireo fivoriako hatramin'ny naha-teo amin'ny saha ahy. Fotoana vaovao iray ity. Lasa i Rahalahy Baxter; ary—ary Rahalahy Bosworth dia any Inde, na, Afrika; ary Rahalahy Baxter, tsy fantatro hoe aiza izy izao. Lasa any ho any izy, ary ny sisa amin'izy ireo dia any ivelany any ary lasa. Ary izaho sy i Billy irery no eto, noho izany dia manana fotoana iray lehibe fotsiny izahay: mifoha fotsiny, mamono ary mihinana. Noho izany, izahay—izahay dia mahatsapa kely ho toy izany mba ahafahanay angamba, miaraka amin'ny fanampian'ny Tompo, hahafahanay mitondra ny fivoriana mitohy hatrany, irery. Izany no antony mahafaly ahy mahita azy mihitatra kely, noho izany antony iray izany. Mino aho fa hanampy antsika hanao an'izany ny Tompo. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, fantatrareo fa misy . . .

Tiako ireo mpandamin-draharahako. Manana an'ireo rahalahy maha-te-ho tia sasany aho, Bosworth, Baxter, Lindsay, Moore, ny rehetra, manana dimy amin'izy ireo aho, Baron Von Blomberg. Lehilahy tena mahafinaritra mihitsy izy ireo. Saingy misy zavatra iray mikasika an'izany, rehefa manana vondron-dehilahy miaraka ianareo, ny anankiray dia manana zavatra iray, ny anankiray manana iray hafa. Indraindray dia mifanohitra amin'izay eritreretiko manokana ilay izy. Noho izany izaho—izaho—izaho dia mahatsapa toy ny hoe malalaka mihitsy aho ankehitriny. Afaka manana fotoana goavana iray fotsiny isika, mamoritra fotsiny ny tànan'akanjontsika, ary mitsoraka fotsiny dia mihinana. Mieritreritra fotsiny aho mikasika ny hamoretana ny tànan'akanjonareo sy ny hananana ny—ny fotoana goavana iray.

Ny natiora no Baiboliko voalohany. Nianatra an'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny natiora aho. Ary tiako ny manjono. Toy ny ahoana no itiavako manjono! Ary tia manjono ve ianao, ry zanakolahy kely? Raha tia manjono ianao, ka tianao ny reninao, dia ho lasa zazalahy tsara iray ianao. Ary na ny fiovam-poko aza dia tsy nanaisotra an'izany rehetra izany tato amiko. Noho izany indray andro dia tany an-tendrombohitra aho, nandeha nanjono. Ankehitriny, ho an'ny tombontsoan'io zazalahy kely io fotsiny ity. Ary nanjono tany an-tendrombohitra tany aho . . . Ary ho an'ireo ankizy madinika hafa, mazava ho azy, izay mipetraka manodidina.

Dia nanjono truite aho. Ary, oh, mahafinaritra izany amin'ny andro lohataona. Nandeha tahaka an'izany aho, ary nisy truite iray tao anatin'ilay lavaka manaraka mihitsy, fantatrareo, tahaka an'izany. Ary nidera ny Tompo fotsiny sy nanana fotoana goavana iray, niantsoantso. Indraindray, alatsako ny fintako. Mino ny fiantsoantsoana aho. Amena. Azo antoka fa mino aho. Satria, fantatro fa misy zavatra mihazona ahy, ary manao zavatra iray fotsiny izany amiko.

2 Noho izany dia nandeha kely tokoa aho tamin'io maraina io, ary rehefa niverina aho, ilay zavatra hafahafa indrindra dia: Misy bera marobe ao amin'io faritra any io, any New Hampshire. Manana toby kely iray aho any, any amin'izay anjonoako. Manana tranolay tranainy kely iray aho mipetraka any, tranolay tranainy kely an'olon-tokana izay efa nipetrahako. Ary ny bera mainty no zavatra masiaka indrindra izay misy. Noho izany, niditra tao ny renim-bera antitra iray sy zana-bera kely vitsivitsy, ary nosimbain'izy ireo ny tranolaiko!

3 Ankehitriny, inona no heverinao ho tsy maintsy nataoko tamin'io bera io, ry zazavavy kely ery aoriana ery miaraka amin'ny volo mena, ery aoriana ery? Tsy maintsy nenjehiko tokoa izy, sa tsy izany?

4 Fa izao no nataony. Niditra izy, nopotehiny ny tranolaiko dia naparitany ny zavatra rehetra, ary nohaniny daholo ny sakafoko izay nananako tany, ka nilamina tsara mihitsy izy. Noho izany rehefa niakatra aho, dia niala izy. Ary niantso mafy an'ilay zanany izy, ary nandositra niaraka taminy ilay zanany. Fa ilay iray hafa tsy nandositra; nipetraka teo fotsiny izy. Nanatodika ny lamosiny tamiko, tahaka an'izao, ary nanao zavatra anankiray izy. Ary tsy nanana afa-tsy famaky enti-tànana tranainy kely iray aho teny an-tànako. Nanapaka hazom-boaroy vitsivitsy teo amin'ny manodidina teo aho. Eny, nandositra somary lavitra hatretsy amin'ny, oh, heveriko itsy andrin-telefona ivelany itsy, ary nipetraka izy. Niantso mafy an'io bera antitra kely io izy, nefa tsy noraharahiany izany. Nanohy nipetraka teo fotsiny izy.

5 Nieritreritra aho hoe, "Inona no ataon'io biby kely io?" Nandeha nanakaiky kely aho. Natahotra ny hanatona akaiky loatra aho, natahotra sao handrangotra ahy izy. Koa—koa izaho—izaho tsy afaka nahita hazo iray, ary fantatro fa afaka mihanika ihany koa izy. Noho izany, ary tsy te-hanakaiky loatra azy aho, satria fantatro ny natioran'ny bera. Noho izany, nandeha nanakaiky kely fotsiny azy aho. Ary fantatrareo ve izay nitranga?

6 Ankehitriny, tia mofo nendasina aho. Firy aminareo zazalahy no tia mofo nendasina? Oh, ry tovolahy! Oh, izaho . . . Ireo zazalahy antitra, ihany koa. Nahita azy ireo nanangana ny tànany aho. Isika rehetra dia tia mofo nendasina, ary

tiako fotsiny izy ireny, ary tiako ny mandraraka tantely eo ambonin'izy ireny. Amin'ny maha-Batista iray, fantatrareo, izany no mihazona antsika hahitsy, fantatrareo, dia ny tantely, fantatrareo. Noho izany, ary henoy, tsy mamafy azy ireny aho, tena manao batisa azy ireny tokoa aho. Tena ararako tokoa ilay izy eo amin'izay tena mahatsara azy sy mampavesatra azy tokoa. Tsy mamafy kely fotsiny eto sy etsy aho. Tena ararako eo ambonin'izy ireo izany, manao azy ireo ho tena feno tantely.

7 Ary tamin'izay fotoana izay, fantatrareo, nanana sinin-tantely iray aho tany, sinin-tantely antsasaky ny gallon. Ary tena mankafy tantely ireo bera. Noho izany niditra tao io biby kely io ary nanala ny saron'ilay sinin-tantely, dia nipetraka teo tahaka an'izao izy, niaraka tamin'ilay sinin-tantely kely teo ambanin'ny sandriny, tahaka an'*izao*. Izy dia nanana ny . . . Ary tsy hainy hoe ahoana no hihinanana an'ilay izy, tahaka ny hataonareo, fantatrareo, noho izany dia natsobony tao ny tongony kely ary nolelafiny izany tahaka an'*izao,* dia nolelafiny izany. Ary nitodika izy nijery ahy, ary niraikitra niaraka tanteraka ireo masony antitra kely, nalama arak'izay naha-izy azy ny kibo keliny, niaraka tamin'ny tantely. Nipetraka teo fotsiny izy, nanitrika ny tànany tao ary nilelaka tantely, tahaka an'*izao,* mafy mihitsy arak'izay azony nilelafana.

8 Oh, oadray, nieritreritra ny amin'ny fivorian'ny Fanahy Masina an'ny andro tsara fahiny aho, rehefa nanokatra fotsiny an'ilay siny isika, nanitrika ny tànantsika tao anatin'ilay tavoara ka nilelaka. Nanohy fotsiny, fantatrareo, nilelaka fotsiny.

9 Ary fantatrareo ve hoe inona ilay zavatra nahatsikaiky, na izany aza? Rehefa avy nahazo betsaka arak'izay tratrany io biby kely io, dia nazerany ilay siny ka nihazakazaka nivoaka tao izy. Fantatrareo ve izay nitranga? Nanomboka nilelaka azy ilay renim-bera sy ilay bera kely hafa, mba hanala an'ilay tantely.

10 Noho izany, eny, angamba ho zavatra hitovy amin'izany ny fivoriantsika, manantena aho, mba hahafahantsika manohy miteny amin'ny hafa fotsiny, dia hirotsaka amintsika ny voninahitr'Andriamanitra. Eny àry.

11 Faly aho mahita anareo ankizy madinika ireo. Te-hiteny aminareo zavatra tahaka an'izany aho. Ary rahampitso tolakandro angamba, manana fotoana betsaka isika, ary—ary afaka miresaka misimisy kely isika. Ary hiresaka amin'i dada sy neny isika ankehitriny mikasika zavatra iray.

12 Hiresaka ny amin'ny *Demonolojia* isika. Ao amin'ny Salamo 103:1 hatramin'ny 3, hamaky an'ireo andininy ireo isika. Maro amin'ireo mpitoriteny rehetra sy mpitondra fivavahana, na mpamaky Baiboly, no mahay tsianjery azy ireto.

Misaora ny Tompo, O ry fanahiko: ary izay rehetra ato anatiko, misaora ny anarany masina.

Misaora ny TOMPO, *O ry fanahiko, ary aza adinoinao* ny *fitahiany rehetra:*

Izay mamela ny heloka*o rehetra; izay manasitrana* ny *aretinao rehetra;*

13 Tiako ho voamarikareo eo, izany dia "rehetra" iray. "Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra." Ankehitriny afaka manondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ve isika.

14 Ankehitriny, Ray An-danitra, misaotra Anao izahay amin'ity tolakandro ity, ny amin'ny maha-eto. Misaotra Anao izahay ny amin'ireto ankizy kely izay mipetraka manodidina ireto, izy ireo no lehilahin'ny ampitso, sy vehivavy, raha misy ny ampitso iray, raha maharitra Jesosy. Ary ankehitriny, Ray, mivavaka izahay mba—mba Hitahianao anay ankehitriny raha miresaka ny amin'Ny Teninao izahay ankehitriny, sy ny mikasika an'ilay fahavalo lehibe izay anananay, Satana. Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hamelanao anay hametraka eo anoloana, ny andiana milina iray eto, ilay herin'Andriamanitra, izay hanohitra azy izao hariva izao ao amin'ny inch tsirairay eo amin'ny taniny, Tompo, ka hampiseho aminy fa tsy manana zò ara-dalàna mihitsy izy, fa Kristy no nandresy azy teo amin'ny toeranay teo Kalvary, rehefa maty Izy, ary Izy no nambabo sy nandroba an'i Satana tamin'ny fahefana—fahefana rehetra izay nananany. Ary, Andriamanitra, omeo fahendrena sy fahalalana izahay ankehitriny, mba hahafantatra sy hanazava amin'ny olona fa tokony ho fantatr'izy ireo hoe ahoana no hahasitrana sy handresena an'i Satana. Amin'ny Anaran'i Jesosy no ivavahanay. Amena.

15 Ankehitriny mandritry ny minitra vitsy no hiresahantsika ny amin'ny *Demonolojia*. Mandre betsaka mikasika ny demony ianareo. Ankehitriny, rahampitso tolakandro no mety hamaranantsika azy tanteraka. Te-haka roa andro amin'ity herinandro ity aho, na ahoana na ahoana, mba hitoriana ny amin'izao, izao fotsiny. . .na roa andro ho an'ny fivoriana tolakandro, mba hiresahana ny amin'izao.

16 Ankehitriny, ny zavatra voalohany, dia hoe inona ny demony iray. Mandre olona betsaka ianareo miresaka mikasika ny demony iray. Eny, ankehitriny, ny "demony, devoly," avy amin'ny teny iray izy rehetra, ary amin'ny teny Anglisy izany dia antsoina hoe "mpampahory." Ny olona iray izay mampahory dia devoly iray, ratsy anankiray. Milaza izy. . .Ankehitriny, ny Baiboly amin'izao andro izao dia, ho an'ny ankamaroany, ho an'ny olona maro, dia boky tranainy fahiny iray izay novakian'i dadabe sy nenibe, na zavatra tahaka an'izany. "Tsy misy dikany loatra izany, ho an'ireo olona antitra, sy ny sisa." Saingy diso izany. Izany dia ho an'ny rehetra. Ary ny demony dia mpampahory izay mampahory antsika.

17 Ankehitriny, misy ireo demony izay miditra ao amin'ny fanahin'ny olona, ary izany dia, amin'ny fombam-pitenenana, izany dia ho—izany dia ho ao amin'ny. . .Hilaza an'izao aho, na izany aza, ny demony izay miditra ao amin'ny fanahy dia zavatra iray izay mampahory ny fanahy.

18 Matetika ianareo dia afaka mahita olona iray izay marary saina angamba. Ankehitriny, mety ho olona iray efa niova fo izy ireo, feno ny Fanahy Masina, kanefa dia marary saina tanteraka. Hitanareo? Marina izany. Tsy misy idiran'izany amin'ny fanahy. Mpampahory iray izy, hitanareo, zavatra iray izay mampahory azy ireo.

19 Ankehitriny, ny aretina rehetra, tokony ho hitantsika voalohany fa avy amin'ny Devoly ny aretina rehetra. Tsy mpanao aretina Andriamanitra. Tsy misy aretina avy amin'Andriamanitra. Indraindray dia Andriamanitra no mamela an'i Satana hametraka aretina eo aminareo, ho toy ny karavasy iray hamerina anareo ao an-tranon'Andriamanitra, rehefa tsy nankatò ianareo. Fa ny aretina, tany amin'ny fiandohany, dia avy amin'ny Devoly. Azonareo eritreretina ve hoe ny olona iray izay mino fa Andriamanitra, ny Raintsika An-danitra, dia ho mpanao an'izany aretina sy fahafatesana izany? Eny, tsia, tsy izany Izy, tsy izany mihitsy, tsy ho izany mihitsy. Andriamanitra no mamela ny fahafatesana noho ny tsy fankatoavana. Andriamanitra no mamela ny fahafatesana. Tahaka ny nolazain'ny mpanoratra anankiray hoe, "Ny hany azon'ny fahafatesana hatao, mamatotra azy eo amin'ny kalesy iray Andriamanitra ary misintona antsika ho eo amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra, ny mpino." Fa ny teny hoe *fahafatesana* dia midika hoe "fisarahana."

20 Hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana mandrakizay." Ary hoy Izy hoe, "Izaho no fananganana, Fiainana, izay mino Ahy, na maty aza izy, dia ho velona indray, ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mihitsy." Ary mifampitondra ny vatantsika eo amin'ny tsy fahamasinan'ny fasantsika isika. "Saingy tsy ho faty mihitsy izy."

21 Ankehitriny raha handinika ianareo rehefa niteny tamin'i Lazarosy Izy, hoy Izy hoe, "Matory i Lazarosy."

22 Ireo mpianatra, olona tahaka antsika, hoy izy ireo hoe, "Oh, raha matory izy dia ho tsara ihany. Miala sasatra no Tiany ho lazaina," izany no noeritreretin'izy ireo.

23 Fa tonga Izy ka niresaka tamin'izy ireo tamin'ny fiteniny. Hoy Izy hoe, "'Maty izy,' izay no inoanareo. Saingy," hoy Izy, "handeha hamoha azy Aho, hamoha azy." Hitanareo? Hitanareo? Ianareo rehefa. . .

24 Ny *fahafatesana* dia midika hoe "misaraka." Ankehitriny, raha hisy anankiray aminareo, anankiray

amin'ny fianakavianareo maty, na tahaka an'izany, izy dia, raha niova fo izy, tsy maty izy ireo. Maty izy ireo amin'ny fijerin'olombelona. Saingy tafasaraka fotsiny amintsika izy ireo, fa ao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra. Tsy maty izy ireo, ary tsy afaka ny ho faty, tsy mety amin'izy ireo ny ho faty. Hoy Jesosy hoe, "Izay mandre Ny Teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana Fiainana mandrakizay, ary tsy ho tonga eo amin'ny fitsarana, fa efa nafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana." Noho izany, dia tsy afaka ny ho faty izy. Ny zavatra rehetra izay tsy mety maty, Mandrakizay, tsy mety levona izany. Izany no Fiainana tsy mety levona. Manana an'Izany izy satria Andriamanitra no nanome azy an'Izany. Ary tsy—tsy hoe noho ny fahamendrehana; izany dia miaraka . . . Izany dia tsy misy fepetra. Andriamanitra no manome azy an'Izany.

25 Andriamanitra no miantso. Tsy misy olona afaka manatona an'Andriamanitra raha tsy Andriamanitra no niantso azy. Hoy Jesosy hoe, "Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no miantso azy, mitaona azy." Marina ve izany? Noho izany dia Andriamanitra ao amin'ny rehetra izany. Rahampitso tolakandro angamba dia hahazo kely misimisy ny amin'izany isika, satria te-hitondra an'ity zavatra mikasika ny *aretina* ity aho, ho anareo, mba hahitanareo an'izany.

26 Nisy ny fotoana iray izay nahatonga antsika hitsimoka tao amin'ny rain'ny raibentsika. Fantatrareo izany. Mahafantatra an'izany ny dokotera. Eny, ianareo dia mahafantatra, ihany koa, ianareo mpamaky Baiboly. Fantatrareo ilay tsimok'aina izay nanomboka tao amin'ny rain'ny raibenareo, mba ho lasa tsimoka iray, ary nandalo tao amin'ny raibenareo, avy eo tao amin'ny rainareo, avy eo tao amin'ny reninareo ary eo amin'izay misy anareo ankehitriny. Marina izany. Ny Soratra mihitsy aza no mampianatra an'izany. Ity ny Soratra ho anareo raha tianareo. Mino aho fa izao no voalaza hoe i Levy dia efa nandoa ny ampahafolony fony izy tao an-kibon'i Abrahama, izay rain'ny raibeny. Marina ve izany? Noho izany, hitanareo, avy tany aoriana tany ilay tsimoka.

27 Fa ny fanahinareo kosa dia efa natao talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, rehefa namorona ny olona araka ny Endriny Manokana Andriamanitra; fanahin'ny olona; tsy hoe olona *iray* araka ny Endriny Manokana, fa *olona* araka ny Endriny Manokana. Hitanareo? Ary tamin'izay fotoana izay no Nanaovany azy ireo ho lahy sy vavy, talohan'ny Nahazoany olona iray tamin'ny vovoky ny tany mihitsy aza. Maniry aho ny hananantsika anjara iray amin'ny tolakandro, haka ny fotoantsika ka hiverina ao amin'izany. Hahita fotsiny hoe ahoana Andriamanitra . . . Ankehitriny, eny anelanelan'ny andalana izany, saingy, rehefa hitanareo, dia mifanaraka tsara amin'ny andalana izany. Hitanareo? Ahoana fa Andriamanitra,

tany amin'ny fiandohana tany, inona no Nataony tany, sy ahoana no Nidinany tety an-tany ary ahoana fa nanao ny olona araka ny Endriny Izy; ary avy eo dia nivadika Andriamanitra ka natao araka ny endrik'olona, mba hanavotra ny olona.

28 Ankehitriny, rehefa nanao ny olona araka ny Endriny Andriamanitra, dia olona fanahy iray izy. Ary tamin'izay fotoana izay dia tsy nisy olona hiasa ny tany. Avy eo namorona ny olona avy tamin'ny vovoky ny tany Izy. Ankehitriny, ireo mpahay vanim-potoana, sy ny sisa, ary ireo olona izay mikaroka ka mahita taolana tranainy, sy ny sisa, ka mino ny fivoarana . . . Mino an'ilay karazam-pivoarana marina aho. Mivoatra dia mivoatra avy amin'ny alàlan'ny tenany ny olona, saingy tsy ny rehetra no avy amin'ny sela anankiray. Tsia, tompoko, satria ny—ny vorona dia efa vorona iray hatramin'ny nanaovan'Andriamanitra azy ho vorona iray, ary ny rajako dia efa rajako iray, ny olona dia efa olona iray. Marina izany.

29 Ankehitriny, niresaka tamin'ny dokotera iray aho teto vao tsy ela, tao Louisville. Hoy izy hoe, "Nahoana, Rev. Branham!" Niresaka mikasika an'ireo teratanin'i Afrika aho, ahoana no hihinanan'izy ireo, mandeha fotsiny amin'ny alàlan'ny . . . Oh, iray amin'ireo zavatra mahatsiravina indrindra izay hany hitanareo, ahoana no nihinanan'izy ireo! Maka fotsiny an'ireo zavatra izay efa lò, ireo olitra ao anatin'izany, manifikifika azy ireny fotsiny eo, olitra sy ny rehetra. Tsy manisy fahasamihafana aminy izany. Hitanareo? Nilaza izy ireo . . . Misotro ny zavatra rehetra, tsy manisy fahasamihafana hoe inona ilay izy. Hoy izy hoe, "Saingy, Rev. Branham, tsy olombelona ireo olona ireo."

Hoy aho hoe, "Oh, eny, olombelona izy ireo. Azo antoka fa olombelona izy ireo."

30 Hoy aho hoe, "Ny zavatra manakaiky indrindra ny tenan'olombelona, ao amin'ny laharam-biby, dia ny gidro. Ary efa niezaka nandritry ny efatra arivo taona ianareo mba hanao ny anankiray avy amin'io gidro io hibadabada, nefa tsy afaka manao an'izany izy," hoy aho, "satria tsy afaka mieritreritra izy. Tsy manana na inona na inona hieritreretana izy." Oh, afaka mampianatra azy an'ireo zavatra kely ianareo tahaka ny soavaly iray, hie sy hoa, na mametraka solomaso, na mifoka sigara iray, na mampifandanja ny tenany eo ambonin'ny bisikilety iray, mitaingina soavaly iray, na zavatra tahaka an'izany, saingy tahaka ny hie sy hoa fotsiny, ho an'ny soavaly iray, na ho an'ny alika iray na zavatra tahaka an'izany." Hoy aho hoe, "Biby iray izy."

31 "Fa avelao aho hiverina any Afrika, any amin'ilay foko-dia indrindra izay ananan'izy ireo, ary izany no foko kelin'ny olon'ny ala." Ary hoy aho hoe, "Angamba ny rain'ny-rain'ny-rain'ny-r ain'ny-raibeny dia tsy mbola nahita olona fotsy iray mihitsy na

inona. Ny zavatra tokana izay fantany, tsy fantany akory aza hoe iza no tànana ankavanana sy ankavia. Ny zavatra tokana izay fantany dia ny mihinana, ary mihinana izay rehetra azony alaina amin'ny tànany izy, raha nofon'olombelona izany, zavatra hafa rehetra, tsy manisy fahasamihafana aminy izany, mila mihinana fotsiny izy. Fa avelao aho haka azy eo amin'ny fahadimy taonany, ary eo amin'ny fahadimy ambin'ny folo taonany dia hiteny Anglisy tsara izy ary hanana fianarana tsara. Nahoana? Manana fanahy iray izy. Andriamanitra no nanao azy ho olombelona, ary tena manana zò betsaka ny handre ny Filazantsara izy, indray mandeha fara-fahakeliny, tahaka ny itorianay eto amin'ny manodidina eto, manerana an'i Amerika rehetra, amin'ny olona, hatrany sy hatrany ary hatrany, ary miangavy, mandresy lahatra sy ny rehetra. Avelao izy handre an'izany indray mandeha, dia diniho izy mikiakiaka sy mihazakazaka eny amin'ny alitara haingana mihitsy." Hitanareo? Eny, tompoko!

32 Izany ny foko, rahalahy, amin'izao andro izao, rehefa mieritreritra an'i Afrika aho, sy ireo tànana kely mainty mahantra mitsangana, manao hoe, "Rahalahy Branham, indray mandeha mikasika an'i Jesosy indray!" Oh, mamindrà fo! Misy zavatra izay mangady sy mandoro ato anatiko. Vantany vao mahazo vola ampy aho, izaho dia handeha ho any, ihany koa. Izany no ataoko amin'ny iraimbilanja tsirairay izay azoko, ny zavatra rehetra, Andriamanitra no mahafantatra, ankoatr'izay azoko ho hanina fotsiny. Ary olona maro no manome ahy ny fitafiako. Ary izay zara raha misy azoko ivelomana fotsiny, ny tenako, arak'izay azoko atao mihitsy, dia alefako avy hatrany ao amin'ny tahirim-bola ho an'ny asam-pitoriana izany izay nalamin'ny governemanta. Tsy mandoa hetra akory aza aho amin'izany. Vao mahazo telo na efatra, dimy arivo dolara, dia handeha hiampita any aho ary hitory ny Filazantsara amin'ireo olona izay fantatro fa tsy maintsy ho valiako amin'izany andro izany. Ary ho fantatro izay havaliko.

33 Taloha aho, rehefa nandeha tao amin'ny tanàna iray, dia nahavita fivoriana goavana iray aho tany fony nanam-bola betsaka izy ireo, ary nanana asam-pitoriana lehibe sy an'arivony dolara izy ireo, nomeko ny Vokovoko Mena sy ny sisa izany. Ankehitriny, ankehitriny, tsy hoe mamely azy ireny, fa mandeha eny an-dàlambe izy ireo ao anatin'ny fiara efatra arivo dolara, miaraka amin'ny bokotra diamondra goavana iray, mifoka sigara, ary dimanjato dolara isan-kerinandro amin'ny volan'ireo olona mara-. . . Tsia, tompoko! Tsia, tokoa! Ary ambonin'ireo, vantany vao mivoaka an'ilay tanàna ianareo, dia hoy izy ireo hoe, "holy rollers," ny zavatra rehetra tahaka an'izany, ary maneso, sy manambany an'ilay fivavahana izay arovantsika. Tsia, tompoko!

34 Izaho ihany no maka an'ilay izy, ary eo anatrehan'Andriamanitra izay Mpitsarako, dia apetrako

ao amin'ny asan'ny Filazantsara any izany, noho izany dia fantatro fa amin'izany Andro izany izay izaho no . . . rehefa tsy maintsy hanome tatitra iray ho an'ny fitantanako aho, dia nomena am-pahamarinana izany. Tena marina tokoa izany, satria fantatro fa arakaraky ny hitondrako ny olona no hitondrako an'Andriamanitra. Ny fihetsiko manoloana anareo mihitsy no fihetsiko manoloana an'i Kristy. Ary ny fihetsikareo manoloana ahy dia ilay zavatra iray ihany, marina izany, manoloana an'i Kristy.

35 Ankehitriny, mahita vahoaka iray tahaka an'izany, sy mahita hoe ahoana fa ny olombelona iray, amin'izay fotoana izay, miaraka amin'ny fanahy tsy mety maty iray ankehitriny, izay tsy afaka ny ho faty, tsy afaka ho levona, tsy afaka manao afa-tsy ny manana Fiainana mandrakizay, izay Andriamanitra masi-mandidy, ao amin'ny Sitrapony Manokana, no nanome an'izany ho anareo. Ary ankehitriny, amin'izay fotoana izay, ankehitriny aho . . .

36 Avelao aho hanitsy kely an'izao fotsiny, na hilaza zavatra iray. Handeha ny olona iray ka hanao hoe, "Rahalahy Branham dia Kalvinista iray." Tsia, tsy izy aho. Kalvinista aho raha mbola ao amin'ny Baiboly foana ny Kalvinista. Fa rehefa mivoaka amin'ny Baiboly ny Kalvinista, amin'izay fotoana izay dia Arminiana iray aho, hitanareo. Mino ny fahamasinana aho ary mino ny Kalvinista, ihany koa. Saingy, izy roa ireo, ny anankiray nihazakazaka teo amin'ilay rantsan-kazo dia nandeha tamin'*ity* làlana ity, ary ny anankiray nihazakazaka teo amin'ilay rantsan-kazo dia nandeha tamin'*itsy* làlana itsy. Raha tsy nisy ny Bokin'ny Efesiana, mba hamerina an'izany sy hametraka an'izany ao amin'ilay toerana marina izay nataon'Andriamanitra, dia ho nisavoritaka tanteraka isika rehetra. Fa manana foto-pampianarana iray izy roa ireo, saingy nandeha namafy an'izany, ny tsirairay avy, izany dia ilay fahamasinana sy ireo Kalvinista, ihany koa, ny Arminiana. Ankehitriny, manana zavatra iray marina ireo Kalvinista. Mino aho fa, fa ny foto-pampianarana Kalvinista . . .

37 Izao no inoako. Ao amin'ny fiarovana, mino aho fa manana ny Fiarovana Mandrakizay ny Fiangonana. Mahafantatra an'izany ny mpamaky Baiboly rehetra, satria Andriamanitra no efa nilaza fa Izy dia hiseho any tsy misy kilema. Marina ve izany? Noho izany, dia ho any Izy. Marina ve izany? Ny Ba- . . . Ny Fiangonana dia voaaro Mandrakizay. Ankehitriny, ianareo ao amin'ny Fiangonana, no zavatra manaraka. Raha ao amin'ny Fiangonana ianareo, tena tsara, voaaro miaraka amin'ny Fiangonana ianareo, saingy tsaratsara kokoa aminareo ny mijanona ao amin'ny Fiangonana. Ary ahoana no hidiranareo ao amin'ny Fiangonana? Amin'ny alàlan'ny fandraisan-tànana ve? Tsia. Mametraka ny anaranareo ao anatin'ilay boky ve? Tsia, tompoko. "Tamin'ny Fanahy iray

no nanaovana batisa antsika rehetra tao amin'ny Vatana iray." Ary io Vatana io, izay notsarain'Andriamanitra teo Kalvary, dia ny Vatan'i Jesosy Kristy, ary natao batisa tao amin'io Vatana io isika tamin'ny Fanahy iray. Manana ny Fiarovana Mandrakizay isika raha mbola ao amin'ny Vatan'i Kristy foana isika, tsy misy na inona na inona afaka hampisaraka antsika, tsy misy na inona na inona hikasika antsika. Raha mivoaka ianareo, dia mivoaka amin'ny alàlan'ny sitraponareo manokana. Fa tena azo antoka mihitsy, raha ao amin'ny Vatan'i Kristy ianareo, dia azo antoka tahaka ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty, no hitsangananareo koa. Efa nataon'Andriamanitra izany. Izy . . .

38 Tsy mahay manota ianareo. Oh, ianareo dia . . . Mety ho mpanota iray aho eo amin'ny fijerinareo, fa raha ao amin'i Kristy aho, dia tsy hitan'Andriamanitra izany, satria ny otany no manao fanavotana . . . Ny Ràny no manao fanavotana ho an'ny otako eo. Hitanareo? Tsy mahay manota aho. "Izay naterak'Andriamanitra dia tsy manota, satria tsy mahay manota izy. Ny Voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy." Hitanareo? Izy, izy dia manaiky ny, raha manao fahadisoana iray izy, azo antoka, fa vonona avy hatrany ny hiaiky an'izany izy. Raha tena Kristiana iray izy, dia hanao an'izany. Raha afeniny izany, dia mampiseho izy fa tsy manana na inona na inona, hatrany amin'ny voalohany. Marina izany. Tsy manana na inona na inona izy, hatrany am-boalohany. Fa raha tena Kristiana iray izy . . .

39 Eto mihitsy, mambole voam-bary iray ianareo eo amin'ny tany, ho voam-bary iray foana izany. Mety hisy tsipolitra manodidina azy, sy ny zavatra hafa rehetra, saingy ho voam-bary iray izy raha mbola mijoro eo foana. Marina ve izany? Ary raha tena nateraky ny Fanahin'Andriamanitra tokoa ny olona iray, dia tsy miditra sy mivoaka izy, sy mihemotra dia mandroso, ary any amin'izao tontolo izao any sy eto. Tsia, tompoko. Tsia, tsia. Tsy tsipolitra iray ianareo amin'ny andro iray ary voam-bary amin'ny andro manaraka. Tsy manana an'izany ao amin'ilay saha Andriamanitra. Eny, tompoko. Raha nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo, dia Kristiana iray nanomboka tamin'io fotoana io ka hatramin'ny . . . mandra-pandehanareo, ary amin'izay fotoana izay ianareo dia—dia tsy mety maty ianareo, miaraka amin'Andriamanitra. Marina izany, raha ao amin'ny Fiangonana ianareo.

40 Ankehitriny, ankehitriny ndao isika hiresaka mikasika ny lafiny fahafatesana. Ankehitriny, ahoana no hahafahan'ny olona iray eo amin'izany toerana izany, ao amin'izany karazan-toerana izany, mba ho lasa marary? Satria tsy mbola voaavotra ny vatanareo. Tsy voaavotra ny vatanareo. Tsy mampaninona na firy toy ny ahoana, na tsara toy ahoana aza ianareo, sy nohamasinina toy ny ahoana, sy masina toy ny

ahoana, sy Fanahy Masina betsaka toy ny ahoana, izany dia ny fanahinareo irery ihany. Ary tsy mbola feno ny fanahinareo. Nahazo an'ilay Fitahiana fotsiny ihany izy, ny teny fikasan'Andriamanitra, izay santatry ny famonjentsika. Fa ankehitriny raha tsy manana ny santatry ny fitsanganantsika isika, tsy manana ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia tsy hanana antoka aho na inona hanaporofo amiko fa misy ny fitsanganana.

41 Toy ny hoe raha tsy mivelona ato am-poko fotsiny Kristy, raha tsy maintsy handray an'izany avy amin'ny karazan'ny—ny zavatra araka ny fahalalana ara-tsaina any ambadika any aho, tsy maintsy hino any ho any tahaka an'izany, eny, amin'izay fotoana izay aho—aho—aho dia ho mpisalasala kely amin'izany. Ary izany no antony, any Afrika any, rehefa tonga izy ireo, dia indro tonga ireo misionera, nitondra an'arivony tamin'ireo teratany ireo, ary nentin'izy ireo ny sampy tanimanga tranainy kely sy ny zavatra hafa rehetra, satria ny lafiny ara-tsaina amin'ny Baiboly fotsiny ihany no ren'izy ireo. Marina izany. Ary ny fiangonako manokana dia Batista, Metodista, Presbyterana, ny rehetra izay miditra ao. Saingy rehefa nahita ny herin'Andriamanitra tonga amin'ny fanehoana izy ireo, dia nilamina hatreo izany, fantatr'izy ireo tamin'izay fotoana izay fa Andriamanitra no Andriamanitra.

42 Fa, ankehitriny, inona no iandohan'io aretina io? Ankehitriny, ny zavatra voalohany, dia fanahy iray izany alohan'ny hahatonga azy ho aretina iray, tena mitovy mihitsy tahaka anareo izay fanahy iray talohan'ny nahatonga anareo ho olombelona iray. Ankehitriny dia haka an-dRahalahy Willett eto aho ho ohatra iray. Rahalahy Willett, izaho... Nisy fotoana iray izay naha-tsinontsinona ahy sy ianao. Ary avy eo ny zavatra voalohany, dia nomen'Andriamanitra aina iray isika. Ary ndao alaintsika, atao hoe, raha mamahavaha ny vatanao aho izao tolakandro izao, ianao dia vita avy tamin'ny andiana sela, miraikitra miaraka amin'ireo atôma. Ary ankehitriny, indray andro any dia ho potika ireo atôma ireo, raha maharitra Jesosy. Hiverina amin'izany ianao. Hitovy mihitsy tahaka azy ireo tany am-piandohana izy ireo, hiverina eny amin'ny rivotra. Saingy rehefa miverina ny fanahinao, dia hikambana miaraka indray ireo atôma ireo miaraka amin'io fanahy io ary hamokatra Rahalahy Willett hafa iray tena mitovy amin'ilay anankiray mihitsy, fa tanora fotsiny, fony izy tao amin'ny fahatsarany indrindra.

43 Rehefa mihoatran'ny dimy amby roapolo taona ny olona iray, dia mahita kentrona vitsy eo ambanin'ny masony izy, ary volo fotsy vitsivitsy izay tonga. Tsy maintsy ho izany ilay izy, satria manenjika anareo ny fahafatesana. Ary indray andro any dia haka anareo izy. Tsy mampaninona na iza ianareo, haka anareo izy. Fa miandalana izany...Ho tafiditra eto

amin'ity zoron-dàlana ity ianareo, dia hanafaka anareo avy ao amin'io zoron-dàlana io Andriamanitra, ary miditra ao amin'ity zoron-dàlana *eto* ity ianareo, saiky hahazo anareo ny fahafatesana, ary eto koa, saingy afaka kelikely dia ho azony ianareo. Fa amin'izay fotoana izay, ny azon'ny fahafatesana hatao, mandray ny sarany feno izy, ary amin'izay fotoana izay eo amin'ny . . . rehefa vitany izay rehetra azony atao . . . Rehefa nomen'Andriamanitra an'io fiainana io ianareo, ka tao amin'ny tsara indrindra anareo ianareo, teo amin'ny telo amby roapolo taona teo, rehefa miditra ao amin'ny fitsanganana ianareo dia hiverina hitovy tanteraka tokoa tahaka anareo fony telo amby roapolo taona, dimy amby roapolo, talohan'ny nidiran'ny fahafatesana. Hanana ny zavatra rehetra izay azony atao ny fahafatesana. Mipetraka ao izy, saingy hiverina avy hatrany tany amin'izay naha-izy anareo ianareo.

44 Ankehitriny, raha ny tsirairay avy amin'ireo—ireo selanareo ao amin'ny vatanareo, ndao isika hamahavaha an'izany ankehitriny, ianareo dia tonga sela avy amin'ny sela, sela avy amin'ny sela, ary raha apetraka misaraka eto amin'ny lampihazo izany, isaky ny sela tsirairay ao amin'ny vatanareo, dia ho tonga eo amin'ny tsimoka bitika kely iray izay niandohanareo ianareo, izay tsy mety ho hitan'ny maso ara-nofo. Tsy maintsy mijery eo ambanin'ny solomaso manalehibe ianareo. Efa nahita an'ilay tsimok'aina teo ambanin'ny mikrôskôpy iray aho. Mitovy amin'ny kofehy bitika kely iray izy. Ary ny zavatra manomboka voalohany dia ao amin'ny hazon-damosina mihitsy, tahaka ny vona kely iray izany. Izany no sela voalohany izay miangona eo an-tampon'ny sela iray.

45 Ankehitriny, raha tsy maintsy naka an'io sela tokana kely iray izay nihavian'ny tsirairay avy aminareo io aho, sela bitika kely iray, tsimoka . . . Inona ny tsimoka iray? Ny tsimoka iray dia bitika kely iray, ny kely indrindra amin'ny sela. Eny, inona ny aorian'izany? Ankehitriny, efa namahavaha anareo avy tamin'ny silaka tsirairay anareo aho, tonga eto amin'ity sela kely anankiray ity, nefa mbola tsy hitako ianareo. Napetrako fotsiny ireo selanareo. Eny, avy eo, ny zavatra manaraka, dia ireo selan'ny rà, sy ireo selan'ny nofo, ary na inona na inona izy ireo, mametraka azy ireo eto, saingy mbola tsy hitako ianareo. Ankehitriny, midina eo amin'ny tsimoka iray aho ankehitriny. Eny, ho sarahiko io sela kely io. Ankehitriny, aiza no misy anareo? Ny ainareo. Ary ny aina no manao ny sela voalohany, izay tsimoka iray, avy eo dia ny zavatra rehetra araka ny natiorany; ny alika araka ny alika, ny vorona araka ny vorona, ny olona araka ny olona. Mitombo ireo sela, sela ambonin'ny sela, sela ambonin'ny sela, miakatra eo amin'izay misy anareo, olombelona, mampitombo an'ireo sela. Ankehitriny, izany no nandaharan'Andriamanitra azy ho toy izany.

46 Fa, ankehitriny, ahoana ny amin'ny homamiadana? Ndao isika hiresaka ny aminy kely fotsiny. Ankehitriny, Andriamanitra no nanome anareo ny fiainanareo. Ary atao hoe, eto ianareo androany, eto aho, tsy misy—tsy misy na inona na inona eto an-tànako, saingy mety hisy homamiadana iray eo amin'ny tànako indray andro. Eny, ahoana no nidiran'io homamiadana io tao? Ndao jerentsika hoe inona io homamiadana io, ankehitriny ndao ho vahavahantsika izy, ndao isika haka azy. Ankehitriny, izy dia andiana sela iray, ihany koa. Efa fantatrareo ve izany? Fivontosana, ny kira-maso, ny rehetra amin'ireo zavatra ireo dia sela. Tsy manana endrika izy ireo. Ny sasany amin'izy ireny dia lavalava, ary ny sasany mitovy amin'ny hala iray, ary ny sasany mitovy . . . mirafitra misoratsoratra, homamiadana mena iray, tahaka ny kofehy lava mena izay mandalo ao amin'ny . . . Ary avy eo dia misy homamiadana mavokely iray izay mazàna tonga ao amin'ny nonon'ny vehivavy, izany dia tahaka ny mofo nendasina mipetraka eo ambonin'ny iray hafa, ary avy eo dia mandeha miparitaka izy ireo. Ary mitombo fotsiny manerana izy ireo.

47 Indraindray dia miolikolika ireo fivontosana, tahaka an'*izao,* lava, kilavalava, sy ny sisa. Tsy manana endrika izy ireo, satria avy amin'ny fanahy izy ireny izay tsy manana endrika. Saingy fitomboan'ny sela izany. Andiana sela iray izany izay, atao hoe, ao aminareo izao ankehitriny izao dia misy fivontosana iray na homamiadana iray, fitomboan'ny sela izany, mitombo, mitombo, mitombo. Mihinana izany, mitsentsitra ny ainareo avy ao aminareo. Mivelona amin'ilay fikorinan-drà izy. Ireo kira-maso dia maka an'ireo tsiranoka avy eo amin'ny maso ary mitombo eo ambonin'izany mihitsy, mandrakotra ny tenany eo, manakatona ny masonareo. Ny sasany amin'izy ireny dia tonga ary tsy mety mihitsy . . . tahaka ny raboka, izay miditra ao amin'ny tsimoka kely madinika fotsiny. Tsy misy dikany ny habeny. Io haben'ny tsimoka io ihany no manao elefanta iray, manao ny—ny parasy iray. Hitanareo? Tsy misy dikany ny haben'ilay tsimoka.

48 Ary ny sasany amin'izy ireny dia maka endrika vatana, ny sasany tsy maka mihitsy. Ary ny sasany dia tsy miditra ao amin'ny sela mihitsy. Ny sasany lasa fanahy, mampahory ny fanahy. Hiezaka ho tonga eo amin'io ampahany io isika, havelako ity ampahany ity ho an'ny rahampitso tolakandro, raha vitako, avy aiza io aina-fanahy io, ary ahoana no nitsofohany *eto* ambany eto.

49 Ary ankehitriny, ry sakaiza, tsy miteny an'izao avy amin'ny karazana fahalalana ara-tsaina iray aho. Efa nifandray tamin'ny demony nandritry ny taona maro aho, ary fantatrareo izany. Raha mba fantatrareo fotsiny mantsy ilay zavatra, aorian'ny fiafaran'ireo fotoana amin'ny hariva, hoe inona no

miseho indraindray. Tsy mahafantatra ianareo. Tsarovy, rehefa tonga manohitra fanahy iray ianareo, dia tsaratsara kokoa ho anareo ny mahafantatra an'izay lazainareo. Aza mijoro eo fotsiny dia manohy, satria tsy hahavita soa izany. Fa rehefa tsy maintsy hankatò anareo tokoa ny demony iray, dia ho fantany izany. Izany tsy hoe mafy toy ny ahoana no nihorakorahanareo, izany tsy hoe diloilo firy no nahosotrareo. Izany dia ilay ato ambadika ato izay ho fantany, ny Fahamarinana. Niteny taminy fotsiny Jesosy hoe, "Mivoaha."

50 Tsarovy, ireo mpianatra dia efa nivazavaza sy niolakolana, ary niezaka ny handroaka azy, sy ny sisa. Hoy izy ireo hoe, "Nahoana izahay no tsy nahavita nandroaka azy?"

Hoy Izy, "Satria, ny tsi-finoanareo."

51 Hoy Izy, "Mivoaha aminy." Nianjera ilay zazalahy ary tratry ny fihetsehana mafy indrindra izay hany azony. Hitanareo? Hitanareo? Mahafantatra fahefana izy ireo.

52 Jereo ireo zazalahy teo ireo, ireo mpirenireny izay nahita an'i Paoly nandroaka devoly. Hoy izy ireo hoe, "Afaka manao an'ilay zavatra mitovy izahay," ireo zanaky ny mpisorona sasany. Noho izany dia nandeha teo izy ireo ary nanao hoe, "Afaka mandroaka devoly izahay." Asa 19. Nandeha teo amin'ny lehilahy iray izay tratry ny fihetsehan'ny androbe izy ireo, ary nanao hoe, "Mandidy anao izahay, amin'ny alàlan'i Jesosy. Mivoaha aminy!" Hoy ilay devoly, ankehitriny, "Amin'ny Anaran'i Jesosy izay torian'i Paoly!"

53 Hoy ilay devoly hoe, "Ankehitriny, fantatro Jesosy ary fantatro i Paoly, fa iza kosa ianareo?" Fantatrareo izay nitranga. Nitsambikinany ilay lehilahy, norovitiny ny akanjon'izy ireo, ary dia tratry ny fihetsehana ny tenan'izy ireo, ka nihazakazaka teny an-dàlambe.

54 Ireo demony ireo ihany no velona amin'izao andro izao, noho izany dia betsaka ny fanatisma. Izany ny fiangonana, izao hariva izao. Betsaka ny fanatisma eto amin'ny firenena amin'izao andro izao, antsoina hoe fanasitranana avy amin'Andriamanitra, izay tokony hampanginina. Izany no mitondra latsa eo amin'ilay tena Antony. Izany no antony anananareo an'ireny karazana tolona mafy ireny. Betsaka ireo karazan-javatra antsoina hoe fivavahana, amin'izao andro izao, izay tokony hampanginina. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Tsy misy afa-tsy fombam-pivavahana! Izany no mahatonga an'ilay Fiangonan'Andriamanitra marina hanana an'ireny karazana tolona mafy ireny miaraka amin'io. Fa Amerika isika, hitanareo, tsy maintsy izany ilay izy. Andriamanitra no milaza fa ny vary sy ireo zava-maniry mandady ary ireo tsilo dia miara-mitombo. Aza miezaka manongotra azy ireny. Avelao hiara-mitombo izy ireny, fa ny voany no hahafantaranareo azy ireny. Tsy misy voa, nahoana, tsy misy Aina, tsy misy na inona na inona ao.

55 Ankehitriny, diniho io sela io. Ndao ataontsika hoe, ohatra, tahaka ny imbetsaka, ilay homamiadana mena mazàna dia mamely ao amin'ny kibon'ny vehivavy iray, ireo ratram-behivavy sy ny sisa. Ankehitriny io, ndao alaintsika izany, io aretina eo io ankehitriny, eo amin'ny selany, io—io homamiadana io. Ankehitriny ny homamiadana iray . . .

56 Ny zavatra rehetra ao amin'ny ara-nofo dia tandindon'ny ara-panahy. Efa mahalala an'izany ve ianareo? Ny zavatra rehetra ao amin'ny ara-nofo dia tandindon'ny ara-panahy, na inona na inona.

57 Ohatra, tahaka an'ity, rehefa—rehefa teraka tao amin'ny Vatan'i Kristy isika, dia misy singa telo izay ilainy hitondrana ny Fahaterahantsika. Ary izany dia ireo singa telo izay nivoaka avy tao amin'ilay ain'i Kristy rehefa maty Izy. Ny nivoaka avy tao amin'ny Vatany dia, rano, Rà, Fanahy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Marina."—Mpand.] Singa telo, izany ireo singa telo izay andalovantsika rehefa nateraka indray isika: fanamarinana, fanamasinana, batisan'ny Fanahy Masina. Ankehitriny, afaka hisy ao amin'ny fihetsika iray izany. Saingy izany dia mila . . . Fa afaka ny ho ao amin'ny toeran'ny nohamarinina ianareo nefa tsy nohamasinina. Afaka mino ny Tompo Jesosy Kristy ianareo nefa mbola mitondra foana ny fahalotoanareo miaraka aminareo. Saingy afaka mivelona tanteraka tokoa amin'ny fiainana nohamarinina sy masina madio ianareo, nefa tsy manana ny Fanahy Masina. Hitanareo, ny Baiboly, Jaona Voalohany 5:7, no nilaza hoe, "Misy telo izay manambara any An-danitra, dia ny Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina, ary . . . Ray, Teny, ary Fanahy Masina," izay ny Zanaka, "ary ireo telo ireo dia iray ihany. Ary misy telo izay manambara ety an-tany, dia ny rano, Rà, ary Fanahy, ary mifanaraka ao amin'ny iray izy ireo." Tsy hoe iray ihany, fa mifanaraka amin'ny iray. Tsy afaka ny hanana ny Ray ianareo raha tsy manana ny Zanaka; tsy afaka manana ny Zanaka ianareo raha tsy manana ny Fanahy Masina, satria tsy azo sarahina izy ireo, iray ihany. Ny trinite dia ao amin'ny iray.

58 Tsy mandre an'izany aho eto amin'ny manodidina eto, saingy mandre betsaka ianareo manerana ny firenena, ny iray amin'ireo zavatra lehibe indrindra ao amin'ireo vondrona Pentekotista, dia ny fifangaroana ao amin'io zavatra tsotra iray io. Ary efa nanana ny lehiben'izy ireo niaraka aho sy nanaporofo tamin'izy ireo fa izy rehetra dia samy nino an'ilay zavatra iray ihany. Izany no Devoly eo anelanelan'izy ireo, izay ihany. Raha io fiangonana Pentekotista lehibe io no hi- . . . hanaisotra an'ireo fombafomba kely, tranainy ireo ka hampikambana ny tenany miaraka ao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra voatahy iray, dia ho tonga ny Fampakarana. Fa raha mbola afaka mihazona

azy ireo hisaratsaraka foana i Satana, dia mety tsara. Izany no fomba fanaovany azy. Ary mino tanteraka tokoa an'ilay zavatra iray ihany izy ireo.

Ny iray manao hoe, "Eny, *ity* dia Izao."

59 Hoy aho hoe, "Eny, raha *ity* dia Izao, amin'izay fotoana izay dia Izao no *ity*." Noho izany dia eo ianareo izao. Noho izany, mitovy daholo izany rehetra izany. Fa eo ianareo izao, ao amin'io triniten'Andriamanitra telo io. Ankehitriny, ankehitriny, Andriamanitra dia ao amin'ny Tokany. Andriamanitra ilay Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina. Ankehitriny, isika tsy manao hoe "ireo andriamanitray," tahaka an'ireo mpanompo sampy. Ilay izy dia "ny Andriamanitray." Hitanareo? Izany no fiseho telo ny Maha-Andriamanitra.

60 Ankehitriny mariho, ankehitriny, Satana dia ao amin'ny trinite ihany koa. Ary ny fahefany dia ao amin'ny trinite.

61 Ankehitriny, fa mariho àry rehefa ny rano, Rà ary ny Fanahy no mamokatra an'ilay Fahaterahana vaovao. Marina ve izany? Ankehitriny diniho. Izany no maneho ny Fahaterahana vaovao. Inona no maneho ny fahaterahana ara-nofo alohan'ny ahatongavan'ilay Fahaterahana vaovao? Rehefa . . . Ianareo reny, rehefa teraka ny zaza iray, inona ilay zavatra voalohany? Rano. Manaraka, rà. Manaraka, hitanareo, izany no manao an'ilay aina, hitanareo, manao an'ilay olona. Rano, rà, fanahy.

62 Ankehitriny, ny homamiadana iray, ndao isika hiresaka ny aminy mandritry ny manarakantsika. Manana eo amin'ny dimy minitra eo sisa isika, heveriko. Eo amin'ireo dimy minitra manaraka, ndao isika hiresaka ny amin'ny homamiadana. Inona io aretina io? Maneho inona izy? Izy dia mpitsindroka iray. Maneho ny voltora izy, mihinana zavatra maty. Ary ny homamiadana iray dia avy amin'ny ratra iray, ny ankamaroany, eo amin'izay nahavoadona ny sela iray ary izany—izany dia potika. Ary lasa mihemotra ny sela kely iray ao anatiny ao. Oh, teny goavana iray ho an'ny Batista anankiray izany, sa tsy izany? Eny àry, saingy mihemotra izy, io sela io. Izaho dia Batista iray izay mino ny fitambotsorana.

63 Olona iray no nilaza, teto tao amin'ny fivoriana iray tany Arkansas indray andro, nanao hoe, "Rahalahy Branham," hoy izy . . . Olona Nazareana iray izany. Sitrana izy. Izy dia nanana ny . . . Nandehandeha avy hatrany nankany an-tanàna izy, niaraka tamin'ireo tehiny teny amin'ny sorony. Hoy izy hoe, "Mba fantatrao moa?" Hoy izy, "Rehefa tonga teto voalohany aho," hoy izy, "izaho—izaho dia nihevitra fa ianao . . . nandre anao nitory teny, nihevitra aho fa ianao dia Nazareana iray." Hoy izy hoe, "Avy eo hitako fa ny ankamaroan'ny olona dia Pentekotista, ary nisy olona iray niteny tamiko fa Pentekotista ianao. Nefa ankehitriny dia milaza ianao fa Batista iray ianao." Hoy izy, "Tsy azoko ilay izy."

64 Hoy aho hoe, “Oh, tsotra izany.” Hoy aho hoe, “Izaho dia Pentekotista Nazareana Batista.” Koa izany no—izany no marina. Eny àry. Tsia, iray isika ao amin’i Kristy Jesosy, amin’ny alàlan’ny Fanahy Masina izay manao antsika ho iray. Marina izany.

65 Ankehitriny, mariho, mihemotra io sela kely io rehefa voaratra izy. Manomboka miha-kely izy. Mandroso ireo tsimoka kely hafa mba hanome ny ainy ao anatiny ao. Ary izany no mahatonga ny nana ao anatin’ny fery iray. Izany dia ireo miaramila madinika kely izay miady ho an’ny ainareo. Mihazakazaka miakatra ao izy ireo ary—ary mamely an’io poizina io, ireo herin’ny demony izay miezaka—miezaka miangona ao anatiny ao, ary manolotra ny ainy. Izany no manao . . . Izany dia . . . Izy ireo dia andiana miaramila kely maty iray, io nana izay ao anatin’ny rànareo io . . . izany dia ao anatin’ny—ao anatin’ny fery, izay manome ny ainy mba hamonjy ny anareo.

66 Ankehitriny, vantany vao misy sela kely iray mandà ao anatiny ao ka vao manomboka io demony io, dia manomboka mitombo izy, manomboka mampitombo an’ireo sela izy. Manorina vatana iray izy tahaka ny anombohan’ny zanakareo ao an-kibonareo marina mihitsy, sy tahaka ny nataonareo tao amin’ny reninareo. Sela eo an-tampon’ny sela, sela eo an-tampon’ny sela, sela, amin’ny fomba rehetra, na aiza na aiza; izao fotsiny, tsy manana endrikin’ny inona na inona tahaka ny olombelona izy ireo, araka ny natiorany. Nivoaka avy tao amin’ny fanahy iray fotsiny izany. Mitombo amin’ny fomba rehetra fotsiny izy, ary hanomboka ho sela eo an-tampon’ny sela, sela eo an-tampon’ny sela.

67 Ary ankehitriny, ny zavatra voalohany fantatrareo, hanomboka ho lasa malemy ianareo ary hahatsapa ho marary. Mandeha mankany amin’ny dokotera ianareo ary hizaha anareo izy. Angamba mety tsy ho hitany izany. Raha hitany, dia ho didiany angamba izany. Raha afaka mandidy azy tsara izy, dia mety tsara, azonareo izy. Fa raha tsy afaka mandidy azy tsara izy, amin’izay fotoana izay raha ao amin’ny tenda ilay izy na any ho any amin’izay tsy hahafahany ho voadidy tsara, ny pentina kely iray avy amin’io dia hitohy ho velona. Hitanareo, satria ilay izy tsy tahaka ny nanapahanareo ny tànanareo dia milamina hatreo izany, na zavatra hafa, na ianareo nanapaka . . . Ny tiako ho lazaina dia, raha nanapaka an’ilay zavatra lehibe amin’ny vatana ianareo, ka mamela ny tànanareo eo, nahoana, tsy ho velona izany. Fa—fa, hitanareo, izany dia tsy manana ny endriky ny aina tahaka ny anananareo. Herin-demony iray mihetsika izany.

68 Ary mariho ankehitriny, ianareo dia miantso azy ireny, ny dokotera dia miantso azy hoe, ny “homamiadana.” Andriamanitra dia miantso azy hoe ny “devoly.” Jereo amin’izao

andro izao. Izy ireo dia manao an'ilay izy. . . Avy taiza ny teny hoe *homamiadana*? Izany dia avy amin'ny. . . avy amin'ny teny Latina izay nampiasaina tao amin'ny fiteny ara-pitsaboana, izay midika hoe ny "foza," ny foza izay hitanareo eny amoron-dranomasina, izay manana an'ireo tongony rehetra. Izany no fomba izay—izay ataony, manatsotra izy, mivalampatra. Ny teny hoe homamiadana dia foza. Ary miditra izy ka manohy mamikitra fotsiny ary mitsentsitra rà arakaraky ny andehanany, tahaka ny orita na tahaka an'izany. Nahoana, ny fivontosana, kira-maso, ary ireo aretina hafa, ny tsirairay avy amin'izy ireny dia avy amin'ny tsimoka iray, ary io tsimoka io dia tsy maintsy ho lasa vatana iray. Ary alohan'ny ahafahany ho lasa vatana iray, dia tsy maintsy lasa aina iray izy. Alohan'ny ahafahany mamorona na—na hitsimoka sy hanao sela betsaka, dia tsy maintsy lasa aina iray izy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ankehitriny, avy taiza io homamiadana io? Iza, avy taiza izy io? Tsy teo aminareo izy io fotoana vitsy lasa izay, saingy ankehitriny angamba eo aminareo izy. Avy taiza izy? Aina iray izay samihafa amin'ny ainareo izany, izay mivelona ao anatinareo. Ary mampahory izy, mikiky ny ainareo. Izany no antony niantsoan'i Jesosy azy hoe "ny devoly."

69 Izy ireo dia miantso ny androbe amin'izao andro izao, hoy izy ireo hoe, "androbe." Nahoana, ny androbe, ao amin'ny Baiboly, Jesosy dia niantso azy hoe "ny devoly." Rehefa tonga ny lehilahy iray niaraka tamin'ilay zazalahy izay nianjera tamin'ny tany, ka namoaka faroratra teo amin'ny vava, sy ny sisa, dia hoy izy hoe, "Manana devoly izy, ary atsipiny ao anaty afo matetika, ao anaty rano."

70 Ankehitriny dia diovin'izy ireo tsara ny anarany ka miantso azy hoe androbe, nefa devoly iray izy. Dia hoy Jesosy hoe, "Ianao ry devoly, mivoaha amin'ilay ankizy!" Marina tokoa. Ankehitriny, ny androbe mazàna dia vokatry ny aretin'ny voa. Angamba ho tonga eo amin'izany ianareo afaka kelikely. Hitanareo? Izany no miteraka ny androbe, avy amin'ny aretin'ny voa.

71 Ankehitriny, mariho eo amin'ity, avy eo dia mipetraka ao io sela io, devoly izany. Manorina aina iray izy; mitombo izy, ary lasa miha-lehibe sy miha-lehibe. Manana andraikitra iray hatao izy, izany dia, ny maka ny ainareo. Izany no nandefasan'ny Devoly azy, ny hanafohy ny andronareo ho latsaky ny fitopolo taona.

72 Ankehitriny, miarahaba ny dokotera rehetra aho. Eny, tompoko. Ny siansa ara-pitsaboana rehetra, hitahy azy ireo anie Andriamanitra nohon'ny fanampiana izay nataon'izy ireo ho an'ny olona. Tena marina izany. Inona no hataonareo eto amin'izao tontolo izao amin'izao andro izao raha tsy misy azy? Misaotra an'Andriamanitra aho ny amin'ny siansa ara-pitsaboana. Misaotra an'Andriamanitra aho

ny amin'ny fiarako. Raha tsy namela ny siansa hanao fiara iray ho ahy Andriamanitra, dia ho nanana fotoana sarotra aho handehanana teto. Ho an'ireo jiro elektrika, sy ho an'ny savony hanasana ny tànako, ary ny savony fiborosiana nify hikosehako ny nifiko, izany tokoa. Misaotra Azy aho ny amin'ny zavatra rehetra, satria ny zavatra tsara rehetra dia avy amin'Andriamanitra.

73 Fa mamelà ahy hiteny aminareo, tsy misy pentina fanafody anankiray mba nahasitrana aretina iray. Ary tsy misy dokotera anankiray, afa-tsy hoe mpisandoka iray izy, fa ny tena dokotera dia hiteny aminareo fa tsy hihambo ho mpanasitrana izy ireo. Tany amin'ny Mayo Brothers mihitsy, maro aminareo . . . Efa nohadihadiana tany aho, indroa na intelo. Ny amin'ireo marary avy tao, tsy azo nositranina . . . Namaky ny *Reader's Digest* ve ianareo, ny laharan'ny Novambra? Firy no namaky ny laharan'ny Novambra, ilay lahatsoratra mikasika ahy ao anatiny ao, eo amin'ny *Reader's Digest?* Hitanareo? Ary nentin'izy ireo tany aho, ny fanadihadiana an'ilay zaza izay nilaozan'izy ireo. Hoy izy ireo, "Tsy mety ho vita izany." Saingy niresaka tamiko ny Fanahy Masina ary niteny tamiko hoe ahoana no hahavitana an'io, ary vita ilay izy. Eny àry. Ankehitriny, niantso ahy izy ireo tany. Ary teo amin'ilay varavarana izay nisy an'i Jimmy sy izy ireo mihitsy, teo no nisy an'i Mayo taloha, misy famantarana goavana be iray eo manao hoe, "Tsy milaza ho mpanasitrana izahay. Milaza fotsiny izahay fa manampy ny natiora. Iray ihany no Mpanasitrana, Andriamanitra izany." Izy ireo no tsara indrindra eto amin'izao tontolo izao. Ankehitriny, dia manana mpisandoka vitsivitsy isika, eny. Marina izany. Isika dia manana mpitory teny sandoka sasany, ihany koa. Eny àry. Noho izany, mandeha eo amin'ny lafiny roa izany.

74 Mariho, fa ny olona iray izay mihambo fa mpanasitrana iray izy, dia mpilaza angano iray, satria tsy afaka manao an'izany izy. Satria hoy ny Baiboly hoe, "Izaho no Tompo Izay mamela ny helokao rehetra sy manasitrana ny aretinao rehetra."

75 Tao amin'ireo birao aho. Ary tao amin'ny efitro, ny . . . tonga ny tsara indrindra amin'ireo dokotera manerana ny firenena. Tsy mahafantatra ny ao ambadiky ny fiainana ianareo, ry sakaiza, mba hahafantatra izay nisy, sy ireo zavatra izay tsy teneniko am-pahibemaso. Tonga an-tsokosoko ny olona. Ary tsy mihevitra ve ianareo fa mbola misy Nikodemosy betsaka eto amin'izao tontolo izao; azo antoka fa misy izany, an'arivony amin'ireo. Mijery an'izany izy ireo ary miditra ao amin'ny fivoriana. Mipetraka eo miaraka amin'ny T-shirt iray, zavatra iray hafa tahaka an'izany, miaraka amin'ireo anarana mamiratra izay hahatalanjona anareo, mipetraka ao amin'ny fivoriana mihitsy. Afaka andro vitsivitsy dia mitsofoka eo izy ireny ary miantso an-tsokosoko,

ka maniraka olona iray ho an'ny fanadihadiana. Ary milaza mihitsy ankehitriny, manao hoe, "Rahalahy Branham, mino aho fa Izany no Fahamarinana." Olombelona mitovy amintsika fotsiny izy ireny. Azo antoka. Ary ny olona rehetra dia maniry ny hijery ny any ambadik'ilay voaly mainty any izay tsy maintsy handalovany indray andro any.

76 Fa ireo homamiadana sy ireo zavatra ireo dia tena devoly tanteraka izay niforona ao amin'ny vatan'ny nofo, miakatra, maka ny ainareo.

77 Ankehitriny, raha hanao tahaka ny dokotera aho, raha afaka hanapaka an'ilay izy aho, mametraka azy eo amin'ny tany. . . Na, toy izao fotsiny, atao hoe, ohatra, ianareo dia homamiadana iray, ny tenanareo, eto amin'ity tany ity. Ankehitriny, eto ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Raha te-hiala aminareo tamin'ny fomba fanaon'ny dokotera aho, dia hanohy fotsiny aho. . . tsy maintsy hikosoka ny vatanareo, na zavatra hafa, mandra-panjavon'ilay izy hiala amin'ny tany mihitsy. Tsy hisy intsony ny aminy, tahaka ny dokotera manaisotra an'ilay fivontosana ao aminareo mihitsy. Fa ao amin'ny endriky ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra kosa, raha homamiadana iray ianareo, dia hiantso ny ainareo hivoaka ao aminareo aho, dia hanohy ianareo. Handao anareo ny ainareo, fa ny vatanareo kosa dia ho eto tahaka ny naha-izy azy mihitsy.

78 Ankehitriny, eo no misy ny hoe ny fijerena sy ny fotoana no fahavalon'Andriamanitra ratsy indrindra ao amin'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra. Tsy fantatro raha mba tonga teo amin'ireo zavatra ireo Rahalahy Baxter tao amin'ny fivoriana. Nipetraka aho, nanazava an'izany taminy sy Rahalahy Bosworth, hatrany hatrany. Nefa indro fa izao no nitranga. Misalasala aho hoe maro ny olona mahazo azy, satria, afaka kelikely, dia manomboka mahita ny olona miverina ianareo, manao hoe, "Nahazo ny fahasitranako aho, Rahalahy Branham, nandritry ny roa na telo andro, saingy, isaorana Andriamanitra, ilay izy—ilay izy dia niala tamiko." Ary hitako izany, ka heveriko fa izany dia satria tsy nalamin'izy ireo tsara ilay fivoriana. Tsy mahazo ny olona. Nanana an'ireo lehilahy aho nanatona teto amin'ny lampihazo ary jamba tanteraka, homamiadana, na kira-maso teo amin'ny masony, ary namaky an'ity Baiboly ity rehefa avy nivavahana, lasa nandeha; afaka telo na efatra andro dia jamba mihitsy tahaka azy ireo tany amin'ny voalohany. Inona no nitranga? Mahafantatra ny rehetra fa rehefa mivoaka avy ao amin'ny nofo iray ny aina, dia mifintina vetivety izy. Marina ve izany?

79 Mba misy olona ve, eto, namono diera iray, na ombivavy iray, na zavatra iray tahaka an'izany? Azo antoka. Eny àry. Lanjao izany anio hariva, ianareo mpihaza eto ireo, ireo sakaizako. Vonoy ilay diera dia atsipazo eo amin'ny

fandanjana izy, lazao amin'ireo zazalahy hoe firy ny lanjany. Tandremo! Amin'ny maraina izy dia ho livatra maromaro ny hamaivany noho izay naha-izy azy. Rehefa maty ny olombelona, ilay mpitondra razana, ny zavatra voalohany, dia manala an'ireo solonify na maso iray, na inona na inona ao anatiny ao, manala an'izany; satria, mifintina ilay izy, hivoaka io satria mifintina ny vatan'olombelona. Mifintina ny nofo hafa rehetra. Rehefa mivoaka avy ao amin'ny sela ny aina, dia manomboka mihena izy, mifintina. Hanao an'izany izy mandritry ny roa amby fitopolo ora eo ho eo. Ary avy eo dia hanomboka hibontsina izany. Avelao ny alika kely iray ho voahitsaka eo, eto amin'ny làlana eto. Avelao izy handry eo amin'ny masoandro mandritry ny telo andro eo, dia diniho izay nitranga. Alika goavana kokoa noho izay hany naha-izy azy izy. Mibontsina izy. Marina ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

80 Eny, izany ihany ilay zavatra miseho rehefa ny—ny demony no voaroaka avy ao amin'ny olona marary iray. Ny andro vitsy voalohany, "Oh, mahatsapa ho finaritra aho." Avy eo manomboka manao hoe, "Izaho dia—izaho dia miha-marary noho izaho—noho izay naha-izy ahy. Veriko ny fahasitranako." Tena azo antoka tahaka ny nanesoran'ny finoana an'ilay izy, no itondran'ny tsi-finoana azy hiverina avy hatrany indray. Tahaka ny namonoan'ny finoana azy, no hananganan'ny tsy finoana azy. Hoy Jesosy hoe, "Rehefa mivoaka amin'ny olona iray ny fanahy maloto, dia mandeha any amin'ny tany hay izy ka miverina miaraka amin'ny devoly fito hafa." Ary raha tsy mitsangana eo ilay tompon-trano mba hiaro an'io varavarana io, dia hiditra avy hatrany izy. Ary ny tompon'ny tranonareo dia ny finoanareo. Manaova hoe, "Mialà any!" Izay ilay izy.

81 Fa ankehitriny dia diniho ny marary iray izay sitrana, amin'ny ankapobeny, afa-tsy hoe fahagagana manokana ilay izy. Fa, ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra sy ny fahagagana dia zavatra roa samihafa. Ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra, dia zavatra iray; ny fahagagana dia zavatra iray hafa. Fa ny fizotran'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra amin'ny ankapobeny, rehefa voaroaka ilay fanahy maloto, devolin'ny homamiadana iray, rehefa miala amin'ilay olona izy, "Oh!" Ankehitriny, na atao hoe haka zavatra iray isika mba hahafahanareo mahita maso kokoa, hataoko hoe, ny kira-maso. Inona no nitranga rehefa io lehilahy io . . . Raha hanamarika olona jamba iray ianareo. Tsy fantatro raha efa mba nanana iray aho teto na tsia, hatramin'izao, maso misy kira-maso. Havelako hitsangana mandritry ny minitra vitsy izy ireo. Nahoana? Mba hanombohan'ilay fifintinana hiseho. Miteny amin'izy ireo mba hiverina, hanome antsika fijoroana vavolombelona iray. "Oh, oadray!" Afaka mahita tsara izy ireo. "Oh, oadray!

Izao fotsiny, afaka mahita zavatra aho! Eny! Izaho . . . " Inona ny olana? Lasa ilay aina; mifintina ny vatan'ilay kira-maso. Eny, hanao tahaka an'izany izy mandritry ny andro vitsy. Hoy ianareo, "Oh, tena miha-tsara aho."

82 Ary afaka kelikely, manomboka tratry ny aretin'andoha izy ireo, tsy mahatsapa ho tena tsara. Mifoha ny ampitso maraina, "Veriko indray ny fahitako."

83 Hoy ny sasany amin'izy ireny hoe, "Ah-hah, taitaitra fotsiny ianao. Ilay andiana holy-rollers no nanao anao ho taitaitra." Aza mino an'izany ianareo! Laingan'ny Devoly izany. Raha mino an'izany ianareo, dia hiverina ho jamba avy hatrany indray.

Fa raha mifikitra fotsiny ianareo, dia manaova hoe, "Tsia. Tompo, mino aho."

84 Avy eo dia inona no mitranga? Mibontsina mandritry ny elaela io vatana io. Hanarona an'io fahitana io indray izany. Hibontsina io homamiadana ao amin'ny vatana io. Hanomboka hanaintaina sy harary indray ianareo. Avy eo dia harary hahatsiravina mihitsy ianareo, harary mafy mihitsy. Nahoana? Io fivontosan'ny nofo maty goavana ao anatinareo io dia mipetraka ao, maty.

85 Miverina ianareo, any amin'ilay dokotera ary hoy izy hoe, "Oh, fahadalana izany. Io eo io mihitsy ilay homamiadana. Afaka mahita azy aho." Azo antoka, eo izy, saingy maty izany. Haleloia!

86 Ankehitriny, ny fikorinan-drà no tsy maintsy manadio ny rà. Isaky ny mipaompy ny fo, dia manipy an'ilay rà manerana ny vatana izy, ary mandraoka an'io ratra io. Azo antoka, hanao anareo harary izany. Ahoana moa raha misy vongan-kena iray mihantona ao anatinareo ao any ho any, na lava tahaka ny bibilava iray, na zavatra goavana iray tahaka ny rantsan-tànanareo, ka mihantona ao anatiny ao, ary maty ilay izy, mihantona ao anatinareo io hena maty lehibe io, ary miha-lò izy? Eny, mazava ho azy, tsy maintsy hihazona an'izany ho madio ny fikorinan-drànareo, arakaraky ny hipaompiany. Fa misy vatana maty iray ao, mihantona ao ilay zavatra, satria niala tao aminy ilay aina. Ny herin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny finoana, no namoaka azy. Demony iray izy; tsy maintsy miala izy.

87 Fa, ny antony, dia ny olona no tsy nampianarina. Lasa izy ireo, mandao. Ary mitsangana eo io devoly iray ihany io, mba hifehy indray. Rehefa miteny zavatra aminareo eto amin'ity lampihazo ity Andriamanitra, amin'ny alàlan'Ny Fanahiny, rehefa eo ambanin'ny tsindrimandry, dia aza misalasala amin'izany ianareo, fa raha tsy izany dia ho tonga eo aminareo ny zavatra ratsy indrindra, hoy Izy. Fa hoy Jesosy hoe, "Ny niafaran'izany lehilahy izany dia impito ratsy lavitra noho

ny tamin'ny voalohany." Marina ve izany? Rehefa nivoaka tamin'ny olona iray ny fanahy maloto, dia nankany amin'ny tany hay izy, miverina miaraka amin'ny devoly fito hafa. Noho izany, aza tsy mino ianareo. Mijanòna tsara amin'Izany. Aoka ho hentitra amin'izany, avy ao am-ponareo. Manaova hoe, "Tsia, tompoko! Tsy hihetsiketsika aho! Tsy mampaninona na marary toy ny ahoana aza aho, tsy misy idiran'izany amin'io." Avy eo, ny zavatra voalohany fantatrareo, hanomboka hihatsara ianareo. Ho mety tsara ny zavatra rehetra amin'izay fotoana izay. Hitanareo, maty izy. Ny—ny fandidiana izay tokony hanesoran'ilay dokotera azy avy ao aminareo, mipetraka ao anatinareo ao io fivontosana iray ihany io, tsy misy aina ao anatiny.

88 Hoy ianareo hoe, "Ny aina ao anatiny, Rahalahy Branham, io ve no haka ny aiko?" Tsia, tompoko. Io aina io dia aina voasaraka tamin'ny anareo. Vao avy nasehoko anareo fa aina iray ianareo ary lasa vatana iray, ary aina iray izy ary lasa vatana iray; ary ianareo dia avy amin'Andriamanitra, fa izy avy amin'ny Devoly. Hitanareo ve izay tiako ho lazaina? Demonolojia. Ankehitriny, tokony ho hitanareo hoe toy ny ahoana io zavatra io rehefa mitsangana ianareo ka mijery azy.

89 Oh, oadray, miala tsiny aho, efa saiky amin'ny telo sy sasany izao. Miala tsiny aho. Jereo, ry sakaiza. Oh, inona no ilain'ity izao tontolo izao ity!

90 Izaho dia efa teo amin'ny fito taona teo, no nampianatra nanerana an'i Amerika, nanana an'ireo asam-panasitranana. Manan-kevitra tsara mihitsy aho ny hiverina hanomboka manerana ny firenena, mampianatra ny Baiboly, ary mikasika ny demonolojia, hoe ahoana no ahafahan'ny olona mahazo an'izay hatao. Ary izany no antony, mandeha any amin'ireo fivoriana ireo izy ireo, matetika mihitsy, ary, ry namana . . . Raha tsy mahazo ianareo, dia mivoaka ny olona, ary matetika . . .

Ankehitriny, tsaroanareo ve ilay olona izay tonga ka nilaza fa nanana fanomezam-pahasoavana an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy? Ny fanomezam-pahasoavana an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra no tao anatinareo raha sitrana ianareo. Ianareo izany, ilay tokana. Ny fanomezam-pahasoavana rehetra dia miasa amin'ny alàlan'ny finoana. Ary tsy mampaninona na firy na firy ny fanomezam-pahasoavana an'ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izay ananako, mino an'izany amin'ny foko rehetra aho, saingy afaka mitsangana eto ianareo ary, raha tsy manana an'ilay karazana finoana iray ihany ianareo, tsy hahavita soa anareo izany. Afaka hivavaka ho anareo aho, mandritry ny ora maro sy herinandro maro ary volana maro. Tsy ireo mpitory teny miaraka amin'ilay fanasitranana avy amin'Andriamanitra izany. Izany dia ianareo izay manana an'ilay fanomezam-pahasoavana an'ny fanasitranana avy

amin'Andriamanitra, izay mino ny hositranina, satria amin'ny alàlan'ny finoana izany. Amin'ny alàlan'ny finoana! Ny asan'Andriamanitra rehetra dia amin'ny alàlan'ny finoana.

91 Ny fiadian'Andriamanitra manontolo dia amin'ny alàlan'ny finoana. Tsy manana zavatra ara-nofo iray avy amin'ity izao tontolo izao ity isika. Ny zavatra rehetra an'ny—ny fiangonana Kristiana iray dia asan'ny finoana iray. Jereo ilay fiadian'Andriamanitra, fitiavana, fifaliana, fiadanana, fiaretana, fahatsaram-panahy, fahamoram-panahy, fahalemem-panahy, faharetana. Marina ve izany? Ivelan'ny voajanahary ny zavatra rehetra, tsy misy na inona na inona ara-nofo. Noho izany dia tsy mijery an'ireo zavatra ara-nofo isika, satria miasa ivelan'ny voajanahary. Ary ny fomba tokana ahafahantsika mampifototra an'izany, dia ny finoana, dia eo amin'izay nolazain'Andriamanitra fa Fahamarinana, ary mijery an'ilay Tsy hita maso isika. Ary afaka miantso an'ireo zavatra izay tsy misy isika, ho toy ny efa nisy; tahaka ny nataon'i Abrahama, ary azony izany. Amena! Abrahama dia niantso an'ireo zavatra izay tsy nisy, tahaka ny nataon'Andriamanitra, ho toy ny efa nisy. Efa zato taona, fa tsy nihanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny tsy finoana.

92 Azoko eritreretina fotsiny izany, sa tsy izany ianareo? Jereo i Saraha fa nifoha indray maraina. Hoy Andriamanitra hoe, "Ry Abrahama!" Hoy Izy, "Ry Abrahama, ho azonao ilay zaza."

93 Nifoha i Saraha. Hoy izy, "Toy ny ahoana no tsapanao, ry Saraha?" Olona maro mifangaro ity, saingy henoy.

"Tsy misy fahasamihafana."

94 "Eny, voninahitra ho an'Andriamanitra, ho azontsika izany! Mandehana mividy lamban-jaza sy paingotra, sy ny sisa. Mivonòna."

Eny àry, lasa ny volana hafa iray. "Ry Saraha, toy ny ahoana no tsapanao?"

"Tsy misy fahasamihafana."

Lasa ny taona. "Ry Saraha, ahoana ny amin'ilay izy?"

"Tsy misy fahasamihafana."

Lasa ny folo taona. "Tsy misy fahasamihafana."

Lasa ny dimy amby roapolo taona. "Tsy misy fahasamihafana."

95 Abrahama, raha tokony niha-malemy, dia lasa niha-natanjaka sy niha-natanjaka izy. Fantany fa ho lasa fahagagana foana hatrany ilay izy, satria nino an'Andriamanitra izy, ary tsy nihanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny tsi-finoana. Hoy izy

hoe, "Ho azontsika izany!" Ary indray maraina dia nanomboka nibontsina ny kibon'i Saraha, ary teraka i Isaka kely, satria nino an'Andriamanitra i Abrahama. Ary nijery an'ireo zavatra izy, ary nihevitra an'ireo zavatra izay tsy nisy ireo ho toy ny efa nisy.

96 Tsy amin'ny alàlan'ny fahatsapana, tsy amin'ny alàlan'ny fahitana. Tsy mandeha amin'ny alàlan'ny fahatsapana na fahitana ianareo. Amin'ny alàlan'ny finoana izany. Ary rehefa nanonona zavatra anankiray Andriamanitra, nanao hoe, "Na inona na inona zavatra angatahinareo, rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izany," avy eo dia mifikira amin'izany. Andriamanitra no niteny an'izany, dia tsy maintsy ho tanteraka izany! Amena. Ireo demony!

> Finoana ao amin'ny Ray, finoana ao amin'ny Zanaka,
> Finoana ao amin'ny Fanahy Masina, telo ao amin'ny Iray;
> Hangovitra ireo demony ka hifoha ireo mpanota;
> Finoana ao amin'i Jehovah no hanozongozona ny zavatra rehetra.

Marina izany. Oh, oadray! Izany tokoa no izy. Manàna finoana an'Andriamanitra. Mijere Azy. Aza mifindra. Mijanòna tsara eo. Andriamanitra no niteny an'izany!

97 Ary, ireo demony, inona izy ireo? Vatana fanahy izy ireo. Ankehitriny, ny—ny dokotera dia manao hoe, "Tratry ny homamiadana ianao. Tratry ny TB ianao. Tratry ny kira-maso ianao. Tratry ny koha-davareny ianao. Tratran'*izao* ianao." Devoly iray izany. Aina iray izany, ary ao ambadik'io aina io dia misy fanahy iray. Firy no mahafantatra sy afaka mahita fa ny homamiadana, kira-maso, izany dia manana—izany dia manana . . . Izany dia fanahy iray, manana—manana aina ao anatiny. Eny, tsy misy na inona na inona afaka manana aina nefa tsy misy fanahy, hitanareo, noho izany dia tsy maintsy misy aina iray hiasa amin'izany, any ho any.

98 Na io hazo io aza dia misy aina ao anatiny. Tsy afaka manao singan'ahitra iray ny siansa rehetra eto amin'izao tontolo izao. Efa fantatrareo ve izany? Manao zavatra iray mitovy amin'izany izy ireo, saingy tsy afaka mahita ny raikipohin'ny aina. Andriamanitra izany. Hitanareo? Hoy Jesosy tamin'ilay hazo hoe, "Voaozona ianao. Tsy manana voa ianao, ary tsy hanana intsony." Nandalo teo izy ireo. Teo amin'ny valo ora teo tamin'io maraina io. Niverina nandalo tamin'ny iraika ambin'ny folo, raha nandeha hisakafo izy ireo. Hoy i Petera hoe, "Jereo io hazo io, maty hatrany amin'ny fakany izy." Nahoana? Jesosy no niteny mafy an'ilay aina izay tao anatin'io hazo io, izay tany amin'ireo fakany, dia maty ilay zavatra manontolo. Haleloia!

99 Io Kristy io ihany no afaka miteny mafy ny homamiadana iray hatrany amin'ny fakany, dia ho faty ilay zavatra manontolo. Nijoro teo tahaka ny naha-izy azy mihitsy io hazo io, ora maro talohan'izany, saingy hitanareo fa manomboka mihintsana ireo ravina, ary avy eo dia jereo fa manomboka miendaka ilay hoditra. Ary ny. . . Manomboka miha-simba, isan'andro isan'andro, sy isan-kerinandro isan-kerinandro, ary afaka kelikely dia tsy misy tavela na dia pentina iray amin'io hazo io aza. Haleloia! Homamiadana, fivontosana, kira-maso, na zavatra hafa, dia tsy maintsy mandeha rehefa miteny Kristy. Mandroaka devoly Izy. Ary hoy Izy hoe, "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo, hiteny amin'ny fiteny vaovao, handray menarana, na hisotro zava-mahafaty, tsy hampaninona azy ireo izany. Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana izy ireny."

100 Tianareo ve Izy? Miala tsiny aho fa nihazona anareo ora iray teto izao tolakandro izao, nipetraka teto. Tianareo ve ny Tompo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Inona no hitranga ankehitriny? Raha manaiky an'i Kristy ho mpanasitrana anareo ianareo, ka mino ao am-ponareo fa nisy zavatra nitranga taminareo, ary mino ianareo fa sitrana, dia hino ve ianareo fa sitrana? Aza mamela ny Devoly hametaka zavatra hafa eo aminareo. Mandrosoa fotsiny.

"Dokotera," lazao—lazao, "dokotera, toy ny ahoana ilay izy?"

Hoy izy hoe, "Nahoana, mbola ao ilay izy."

101 Ao am-ponareo dia fantatrareo, fantatrareo izay nitranga. Hah! Ny zavatra voalohany fantatrareo, hoy izy hoe, "Hono ho'aho, manontany aho hoe inona no nitranga tamin'io zavatra io?"

102 Amin'izay fotoana izay dia lazao hoe, "Jereo, dokotera, hilaza aminao aho. Izao no nitranga, Jesosy Kristy no nanasitrana ahy. Marina izany. Jesosy Kristy no nanasitrana ahy."

103 Eny àry, ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny. Rahalahy Willett, ho avy eto ve ianao iray minitra fotsiny, rahalahy?

104 Ankehitriny, Ray An-danitra, mankasitraka izahay ny amin'ny Ràn'i Kristy. Ary indraindray angamba ity Mpanomponao, Tompo, dia tsy mampiasa fahendrena, amin'ny fitenenana ela loatra. Saingy mahatsapa tahaka an'i Paoly aho angamba, izay nitory teny ny alina manontolo indray hariva. Nianjera avy teny amin'ny varavarankely ny ankizy iray ary maty. Ary ilay apostoly, niaraka tamin'ny Tenin'Andriamanitra teo amin'ny fiainany, dia nandeha ka nametraka ny vatany teo ambonin'ilay zazalahy, niditra tao aminy ny aina ary velona indray izy.

105 Andriamanitra malala, fantatro fa mipetraka ankehitriny ilay filentehan'ny masoandro an'ity fandrosoana lehibe ity, tapitra ny làlana haleha, lasa ny misasak'andro, mirotsaka ny aloky ny hariva. Miposaka avy ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ny Hazavana lehibe, mba haka ny toerany eo amin'ity aizina matevina izay tonga eto an-tany ity. Andriamanitra, fantatro fa miha-antitra isan'andro aho. Avelao aho handeha, Tompo. Omeo tanjaka aho. Ampio aho mba hiteny an'ity Fahamarinana lehibe ity na aiza na aiza. Ampio izahay, rahampitso tolakandro, mba hahazoanay betsaka.

106 Ary, Andriamanitra malala, tahio ity mpanatrika kely ity izao tolakandro izao. Rahariva, rehefa miangona ho an'ny asam-panasitranana izy ireo, dia enga anie ny lehilahy tsirairay sy vehivavy tsirairay hifampitondra sy hifampiresaka, ka hanao hoe, "Ankehitriny, ity ny. . . aza—aza manana fisalasalana intsony. Azonay hoe avy aiza ilay izy ankehitriny. Fantatray fa ny devoly izany. Ary fantatray fa rehefa miala izy, dia tsy maintsy tonga eo amin'ny baikon'Andriamanitra. Tsy maintsy izy. Andriamanitra no efa niteny an'izany. Tsy maintsy miala izy." Avy eo, dia enga anie izy ireo hivoaka, sambatra, mifaly, mitaky ny fahasitranany. Tsy misy na inona na inona, aoka tsy hisy na inona na inona hitsangana eo amin'ny làlan'izy ireo, intsony; mandeha fotsiny, mino.

107 Ary, Andriamanitra, enga anie ity fiangonana kely eto ity, sy ireo fiangonana miara-miasa, hanana fifohazana iray aorian'izao fivoriana izao, Tompo, mba ho feno hipoka izy, ka fanahy an-jatony maro no ho tafiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ekeo izany, Ray. Enga anie ireo lehilahy sy vehivavy eto, avy amin'ny manerana ny firenena sy toerana hafa, enga anie izy ireo hitondra ny Hafatra hiverina any amin'ireo fiangonany, ary enga anie izy ireo hanana fifohazana iray amin'ny fanao fahiny. Ekeo izany, Tompo. Mamelà anay noho ny fahotanay ankehitriny. Ampio izahay mba ho Mpanomponao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

108 Manontany aho, raha mbola mipetraka eto ianareo, misy mpanota iray ve ato amin'ny tranobe androany, hanao hoe, "Rahalahy Branham, tsarovy am-bavaka aho"? Ianareo ve, hanangana ny tànanareo ve ianareo? Misy olona mpanota iray ve? Izaho tsy. . . Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Misy ve? Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Ianao, sy ianao, ary ianao, Andriamanitra hitahy anareo. Manontany aho raha ianareo. . . Ankehitriny, ho anareo izao.

109 Hitanareo, tsy mino ny fandehanana mankeny amin'ny mpanatrika aho. Tsy mitsikera an'ireo sasany izay manao an'izany aho. Tsy mino ny fandehanana mankeny amin'ny mpanatrika aho ka miezaka misintona olona iray. Hitanareo?

"Tsy misy olona mahay manatona, raha tsy ny Ray No mitarika azy." Hitanareo? Marina izany. Misintona azy eo fotsiny ianareo nefa mifanohitra amin'ny sitrapony. Hitanareo? Fa raha Andriamanitra no mandondòna eo am-ponareo, dia ianareo no olona manana tombontsoa indrindra eto amin'izao tontolo izao. Tsy fantatrareo fotsiny hoe olona firy no niresahako.

Demonolojia — Lafiny Ara-batana
(Demonology — Physical Realm)
8 Jona, 1953, Alatsinainy tolak'andro
Roberts Park Amplitheater, Connersville, Indiana

Demonolojia — Lafiny Ara-pivavahana
(Demonology — Religious Realm)
9 Jona, 1953, Talata tolak'andro
Roberts Park Amplitheater, Connersville, Indiana

Ireo Fanahy Mamitaka
(Enticing Spirits)
24 Jolay, 1955, Alahady maraina
Branham Tabernacle, Jeffersonville, Indiana

Ireto Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ireto, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy tany am-piandohany, dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org